# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, L.W

Tanora mpanisy mpifidy avy amin'ny CENI.






Mitaraina ny mponina any Ambatozavavy Nosy-Be faritra Diana, fa misy fanamparam-pahefana amina tany ataona olom-boafidy any an-toerana.











Andranobe, ny 15 Septambra 2022

Izahay vahoaka
eto Andranobe sy
Andrafiamena
Borikotany Administrativan'
i Ambatozavavy

ho anareo


Ray aman-dreny Manam-pahefana
rehetra eto Nosy-Be

Antony: Fitarainana sy
fanambarana
ampahibemaso.

Ry Ray aman-dreny Manam-pahefana

Manome haja feno voninahitra ho anareo izahay vahoaka voalaza ery ambony raha mametrak'izao taratasinay izao eto amin-pelatànanareo.

Mitaraina mafy eto anatrehanareo izahay vahoakan'i Andranobe sy Andrafiamena amin'olahelo lehibe atrekin-dRamatoa RAZAFINDRAVONY Marie Christine aminay. Satria tsy hainay inona no antony anakatsakanan'io Ramatoa io ny làlana jiaby mampifandray Andranobe amin'ny tanàna maro Andrefana any. Hatramin izay dia efa nampiasa ireo làlana rehetra ireo ny Razam-benay ka hatraminay izao. Sahirana dia sahirana ireo zanakay avy ao Andrafiamena mamonjy fianarana aty Andranobe nohon'ny vatony mihodina lavitra be. Ny làlana vitan-dreo antsa
.../...



.../... -2-

sak'adiny taloha mbola tsy voasakana dia lasa adiny iray mahery rehefa vita sakana (barrage) nataon-dRamatoa io. Ireo làlana voasakana ireo koa dia ombanay rehefa mitondra razana mankany amin'ny fasan-drazanay na ny avy any Dzamandzar, Andrahibo sy Andrafiamena ary izahay ato Andranobe. Sanatria sanatria raha tsy ravanin io Ramatoa io malaky ireo sakana rehetra nataony ireo dia tsy hafaka hianatra ny zanakay mandritran'ny asara, satria sakanan'ny vavarano mahery ny làlana andalovan-dreo zaza ireo ankehitriny. Mbola tsy teraka akory Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marie Christine dia efa nisy ireo làlana rehetra no sakatsakanany ireo. Ny dika izany fa tsy an'azy velively ireo làlana ireo, sady tsy nanamboatra no tsy voalohany nandalo aminy. Raha mba mitaraina aminy izahay dia valiny hoe: "ataovy zay atao nareo, izaho député, ga draka ianareo". io no teny fampihorohoroana asedrany anay.

Ambaranay amin-pahibemaso anareo Ray aman-dreny Manampahefana rehetra fa nohon'ny toetra tsy milamina sy tsy mendrika ataon'io Ramatoa io momban'ny fanakatsakanana làlana rehetra tsy an'azy lalovanay io, dia sakananay tsy handalovany ihany koa ny làlan hidiran'ny fiarany makany amin'ny taniny. Satria tsy an-'azy io làlana io sy ilay tanim-bary la lovany. Marihina fa tsy esorinay ny sakana (barr
.../...